

# VAHOAKAN'I NEFIA

## MPIANATR'I KRISTY IREO

Rehefa namangy ireo vahoaka Nefita marina ny Mpamonjy nitsangana tamin'ny maty dia nanasa azy ireo Izy "hitsapa ny diam-pantsika" tamin'ny tanany sy ny tongony. Tian'i Jesoa ho fantatr'izy ireo fa Izy no "Ilay Andriamanitry tany manontolo, ary novonoina noho ny fahotan'izao tontolo izao" (3 Nefia 11:14). Nanatona an'i Jesoa "tsirairay" ny valalabemandry. Rehefa nahazo traikefa manokana niaraka tamin'i Jesoa Kristy ireo Nefita dia nahafantatra fa Izy ilay Mpamonjy novinaniana (3 Nefia 11:15). Na dia tsy mitsangana ara--batana manoloana antsika aza i Jesoa Kristy ankehitriny dia afaka manana traikefa lalina manokana miaraka Aminy isika.

Tahaka ireo Nefita dia afaka manatona an'i Krsity aho sy mianatra Aminy ary manamafy ny fijoroako ho vavolombelona momba Azy.

# DIA TOY IZANY KOA AHO

***Jereo eto ny horonan-tsary iray momba ny zavatra niainan'ilay vahoaka.*** (Mety tsy hisy ho an'ny fiteny rehetra.)

